Avelao izy roa, fa nanaovako tao anaty fahadiovana

Tatitra azo avy tamin'i Al-Moghìra (R.A), niteny izy : Niaraka tamin’ny Mpaminany (S.A.W) aho teny am-pandehanana, ka niondrika aho mba hanala ny kirarony, dia hoy izy hoe : “Avelao izy roa, fa nanaovako tao anaty fahadiovana” ka nisafoiny fotsiny.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Iray tamin'ireo dia nataony ny Mpaminany (S.A.W) dia nanao ouzò izy. Raha tonga teo amin'ny fanasan-tongotra, dia naninjitra ny tànany i Al-Moghìrah ibn Sho’'bah (R.A) mba hanala ny kapa teny an-tongotry ny Mpaminany mba hanasany ny tongony! Hoy i Mpaminany (S.A.W) : Avelao izy ireo ary aza esorina, fa nataoko ao anaty ba kiraro ny tongotro ary efa madio aho. Ka nosafoin'ny Mpaminany (S.A.W) eo ambonin'ny Ba kirarony ho solon'ny fanasany ny tongony.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3014